Ahoana no Hahasambatra ny Fianakavianao? (Fizarana 1)

Miorina amin'ny boky *Inona Marina no Ampianarin'ny Baiboly?* toko 14, azo jerena ato amin'ny jw.org.

TANJONA: Hamantatra hoe inona no inoanao ary nahoana, handinika izay ampianarin'ny Baiboly, ary hijery ny fomba hanazavana an'izay inoanao amin'ny hafa.

INONA NO MAHASAMBATRA NY TOKANTRANO?

1 FANTARO IZAY INOANAO

Inona no mety holazain'ny olona?

Ary *ianao,* inona no inoanao?

Nahoana ianao no mino an'izany?

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

2 DINIHO IZAY AMPIANARIN'NY BAIBOLY

Ny manaraka ny tari-dalan'Andriamanitra no tena mahasambatra ny tokantrano.

(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 14, fehintsoratra 1-4.)

Vakio ny Lioka 11:28.

Araka ny nolazain'i Jesosy, inona no tokony hataontsika raha te ho sambatra isika?

Vakio ny Genesisy 2:18, 21-24.

Ahoana no ahalalantsika fa fanomezana avy amin'Andriamanitra ny tokantrano sambatra?



Efa misy toromarika omen'ny mpanao fanaka hoe ahoana no anakambanana an'ilay izy. Hoatr'izany koa fa avy amin'ilay Mpamorona ny fianakaviana ny Baiboly, ka milaza amintsika hoe ahoana no atao raha te hanana tokantrano sambatra

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

Manahaka an'i Jesosy ny mpivady mifankatia be.

(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 14, fehintsoratra 5-13.)

Vakio ny Efesianina 5:23, 25, 28, 29.

Na dia tsy nanambady aza i Jesosy, nahoana izy no modely tsara ho an'ny lehilahy manambady?

Vakio ny 1 Korintianina 11:3 sy ny Efesianina 5:33b.

Nahoana no modely tsara ho an'ny vehivavy manambady i Jesosy, raha ny fankatoavana no resahina? (Jereo koa ny 1 Petera 3:1-4.)

Nahoana ianao no mino fa manome ny tari-dalana tsara indrindra ho an'ny mpivady Andriamanitra?

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

3 HAZAVAO IZAY INOANAO

RAHA MISY MITENY HOE…

Efa lany andro ny Baiboly ka tsy mety amin'ny fianakaviana amin'izao intsony.

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Betsaka ny olona mety hieritreritra hoatran'izany. Izaho anefa mino hoe tsy lany andro ny Baiboly satria...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

RAHA MISY MITENY HOE…

Manambany vehivavy ilay fampianaran'ny Baiboly hoe ny lehilahy no lohan'ny vehivavy.

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Misy olona mieritreritra hoatran'izany. Manaja ny vehivavy anefa ilay toromariky ny Baiboly ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy manambady. Lazainy ohatra hoe...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania